



REPOBLIKANT MADAGARIKARA
REPUBLIC OF MADAGASCAR



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2020**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-86 EX

**FANDINIHANA FANINTELONY NY VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA
FAHA-001/2020 TAMIN'NY 26 FEBROARY 2020**

Fivoriana Fahatelo
Natao ny
Talata 1 Septambra 2020
- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: Ramatoa isany: - RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina
- ANGELE Solange

FOTOANA: Talata 1 Septambra 2020 tamin'ny 12 ora sy 5 minitra, atoandro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana fanintelony ny volavolan-dalàna laharana faha-001/2020 tamin'ny 26 Febroary 2020 «portant ratification de l'Ordonnance n°2019-002 du 15 mai 2019 portant loi organique modifiant et complétant certaines dispositions de la loi organique n°2018-008 du 11 mai 2018 relative au régime général des élections et des référendums, de l'Ordonnance n°2019-006 du 28 mai 2019 portant loi organique modifiant et complétant certaines dispositions de la loi organique n°2015-007 du 03 mars 2015 fixant les règles relatives au fonctionnement du Sénat ainsi qu'aux modalités d'élection et de désignation des Sénateurs de Madagascar et de l'Ordonnance n°2019-009 du 15 juillet 2019 portant loi organique modifiant et complétant certaines dispositions de la loi modifiée n°99-022 du 19 août 1999 portant Code minier».

Nitohy ny Talata 1 Septambra 2020 tamin'ny 12 ora sy 5 minitra, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena izay notarihan'ny Filohany, Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona.

Rehefa avy nanambara ny fitohizan'ny fivoriana sy niarahaba ny mpivory ary ny vahiny Ramatoa FILOHA dia niangavy ny Mpitantsoratra mba hanao ny fanamarinam-pahatongavana; Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina, no nanantotosa izany.

Rehefa avy nisaotra ny Mpitantsoratra, Ramatoa Filoha, nisy fampitam-baovao izay nataony. Nambarany tamin'izany fa noho ny taratasy izay nalefa tany amin'ny HCC milaza ny fisian'ny fahabangan-toerana eto anivon'ny Antenimierampirenena sy ny fangatahana nataon-dRamatoa NAHARIMAMY Lucien Irmah dia nandray ireto fanapahan-kevitra ireto ny HCC tamin'ny Alatsinainy 31 Aogositra 2020 teo:

- Arrêt n°07-HCC/AR du 31 août 2020 manendry an'Andriamatoa EDIEDY Adolphe, hisolo ny toeran'ltompokolahy RAKOTOMALALA Lucien;
- Arrêt n°08-HCC/AR du 31 août 2020 manendry an'Andriamatoa INDRIANDRO Julien, hisolo ny toerana an-dRamatoa MICHELLE BAVY Angelica, izay lasa Minisitry;
- Arrêt n°09-HCC/AR du 31 août 2020, manome alalana an-dRamatoa NAHARIMAMY Irmah, hiverina haka ny toerany eto anivon'ny Antenimierampirenena indray.

Misy ihany koa, hoy izy, ny Solombavambahoaka namantsika izay voafidy eo anivon'ny sehatra iraisam-pirenena, Ramatoa MASY Goulamaly Marie Jeanne d'Arc, izay voafidy ho mpikambana ao amin'ny "GEWAYD du forum Parlementaire de la SADC".

Rehefa izany, ntsiahivin-dRamatoa Filoha ny fandaharam-potoana, izay efa voalaza etsy ambony dia ny fandinihana fanintelony ny Volavolan-dalàna laharana faha-001/2020 tamin'ny 26 Febroary 2020.

Notsiahiviny fa efa nisy ny CMP natsangana ary efa nivory indroa miantoana kanefa tsy nisy ny marimaritra niraisana. Manoloana izany, nisy ny taratasy laharana faha-31/AN-P tamin'ny 31 Aogositra 2020, nalefa tany amin'ny Governemanta ho fampahafantarana izany toe-javatra izany ary nisy ny taratasy nalefan'ity farany laharana faha-16-2020-PM-SGG izay manambara ny hevitra ny Governemanta mangataka ny handraisan'ny Antenimierampirenena fanapahan-kevitra.

Ity Volavolan-dalàna ity, hoy izy, dia efa indroa nandalo teto amin'ny Antenimierampirenena, ka hiroso avy hatrany amin'ny fihainoana ny tatitra isika. Koa iangaviana ny mpampakatenin'ny vaomiera hitondra ny tatitry ny asam-baomiera.

Nialoha izany anefa, nisy ireo Solombavambahoaka nangataka satroka.

Andriamtoa RANDRIANANTENAINA Olivier Antonny José, Filohan'ny GP TIM

Tsy tokony ho ny Filohan'ny CMP ve no hitondra ny tatitry ny fivoriana izay nataon'ity vaomiera ity?

Nanoloana izany fanontaniana izany, nitondra fanazavana Ramatoa Filoha, fa ny Filohan'ny CMP dia manao tatitra eo anatrehan'ny Vaomiera nahavoafidy azy; fa ny Mpampakatenin'ny vaomiera nandinika ny Volavolan-dalàna eo anivon'ny Antenimierampirenena kosa no mitondra ny tatitry ny asam-baomiera eto amin'izao fivoriambe izao.

Andriamatoa RAKOTOMANJATO Edmond Rodin Georges

Aoka isika hahay handray lesona manoloana ny zava-nitranga teto amin'ny firenena. Anisan'ny nahatonga ny fitakian'ny Solombavambahoaka 73 ny hisian'ny fanovàna eto amin'ny firenena.

Raha ny niantsoana izao fivoriana izao dia ny hananganana ny CMP; noho izany, tokony izay tatitry ny fivoriana natao teo anivon'io CMP io no hoentina eto.

Andriamatoa RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle

Mangataka ny fihainoana ny tatitra tao amin'ny fivorian'ny CMP izahay, Ramatoa Filoha, raha azo atao.

Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO HERINANTSOINA

Miala tsiny amin'ny namana sasany fa samy manana Vondrona Parlemantera daholo isika ato nefa efa niova ny zava-misy ankehitriny.

Tokony hiroso amin'ny fihainoana ny tatitry ny asam-baomiera isika satria efa tara izao fa efa tokony ho tamin'ny 10 ora, maraina, no nanombohan'ny fivoriana.

Andriamatoa IDEALSON

Tiako ny milaza aminareo fa ny tenako dia sady mpikambana ao anatin'ny CMP no ao anatin'ny "commission juridique". Noho izany tokony hiroso amin'ny fihainoana ny tatitry ny asam-baomiera isika satria ho hita ao daholo ny zavatra tapaka tao amin'ny fivorian'ny CMP.

Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré

Raha fanovàna no resahana dia namanareo izahay; fa izao kosa, ny antony niainganay avy any Vohipeno dia ny handany ity volavolan-dalàna ity; koa arosoy ny tatitra fa vonona ny handany azy ity izahay.

Rehefa izany, niangavy ireo Solombavambahoaka, Ramatoa, Filoha mba hamaky tsara ny andininy faha-139 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena sy ny Lalàmpanorenana izay fitaovana enti-miasa amin'ny fanatanterahana ny asan'ny Solombavambahoaka.

Taorian'izay, niroso tamin'ny famakiana ny tatitra ny mpivory, ka Andriamatoa RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitonta no nitondra izany teo anatrehan'ny Solombavambahoaka, ka toy izao izany.

Nivory ny Talata 01 Septambra 2020 tamin'ny 9 ora sy 30 minitra maraina ny Vaomieran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana, Vaomieran'ny Lalàna ary ny Vaomieran'ny Harena Stratejika nandinika fanintelony ny Volavolan-dalàna laharana faha-001-2020 « **portant ratification de l'Ordonnance n°2019-002 du 15 mai 2019 portant loi organique modifiant et complétant certaines dispositions de la loi organique n°2018-008 du 11 mai 2018 relative au régime général des élections et des référendums, de l'ordonnance n° 2019-006 du 28 mai 2019 portant loi organique modifiant certaines dispositions de la loi organique n° 2015-007 du 03 mars 2015 fixant les règles relatives au fonctionnement du Sénat ainsi qu'aux modalités d'élection et de désignation des Sénateurs de Madagascar, et de l'Ordonnance n° 2019-009 du 15 juillet 2019 modifiant et complétant certaines dispositions de la loi modifiée n° 99-022 du 19 août 1999 portant Code minier** ».

Ramatoa **RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa**, Filohan'ny Vaomieran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Harena Stratejika nanatrika ny fivoriana;

Andriamatoa :

1- RAVELOSON Guillaume

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana amin'ny Vaomieran'ny Lalàna nanatrika ny fivoriana ;

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- 1- IDEALSON**
- 2- RATSIMANDRIONA Aïda Hardy**
- 3- PEPIN Michou**
- 4- RAMENASON Rio Merci**

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana nanatrika ny fivoriana ;

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- 1- RASOLOFOMANANA Beby Olivier**
- 2- RAZAIHARIMALALA Fiainantsoa**
- 3- IDEALSON**

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana tonga nanatrika ny fivoriana:

- 1- RAKOTOARIMANANA Tiana Maxime**
- 2- RALALASON Dera Harinjafimino**
- 3- TSABOTOKAY Honoré**
- 4- FERNAND jeannot**
- 5- ANDRIANAMBININA Djohary Lee**

6- RATSIMANDRIONA Aïda Hardy

Ireto avy ireo teknisiana nisolo tena ny Governementa,
Andriamatoa isany :

1	RAZAFINTSALAMA Lalason	MMRS/DGM
2	RAKOTONIRINA Gervais	Dir Cab MID
3	RANDRIAMORASATA Holiharimino	DLAJ/MMRS
4	RAKOTONANAHARY Jean Yves Ravo	DELED/MID
5	RANDRIAMAHENINA Théodore	DGAT MID

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Ramatoa Filoha dia nomeny ny teknisiana avy ao amin'ny Minisitery ny fitenenana. Nanamarika izy ireo fa tsy misy ambara intsony mahakasika ity Volavolan-dalàna ity.

Taorian'izay dia nanamarika Andriamatoa Filohan'ny Vaomieran'ny Lalàna ny maha aradalàna ny fandinihana fanintelony ny Volavolan-dalàna. Nanazava ihany koa izy fa amin'ny maha mpikambana azy ao amin'ny Vaomiera Ikambanana Isasahana fa ny antony mahatonga izao asam-baomiera izao dia ny tsy fisian'ny marimaritra iraisana teo anivon'ny Vaomiera ikambanana isasahana. Nanao tsiahy ny asa efa vita tamin'ny fananganana ny birao nandrafitra ny Vaomiera, tamin'izany no nahalany ireo Filoha roa sy mpampankateny roa avy amin'ny Antenimiera roa tonta. Tamin'ny fivoriana voalohany teny amin'ny Lapan'ny Tsimbazaza no nihainoana ireo Minisitry roa lahy voakasik'ity Volavolan-dalàna ity. Tamin'ny fivoriana faharoa teny amin'ny Lapan'ny Loholona no niroso tamin'ny adihevitra ny mpikambana, ka nipoiran'ny hevitra roa samihafa: ny avy atỳ amin'ny Antenimierampirenena nanazava ny antony nandaniany ny Volavolan-dalàna; ny avy amin'ny Antenimierandoholona kosa dia nanamafy fa tsy manana fahefana hanapakevitra amin'ity Volavolan-dalàna ity ny Vaomiera Ikambanana Isasahana satria Lalàna Fehizoro ity. Vokatr'izany hevitra roa tsy mitovy izany dia tsy nahita marimaritra iraisana ny mpikambana hany ka nifarana ny fivoriana.

Noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana mba ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fandaniana isan'andiny ny Volavolan-dalàna:

- Andiny voalohany: lany tsy nasiam-panintsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andiny faha-2: lany tsy nasiam-panintsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andiny faha-3: lany tsy nasiam-panintsiana sy tsy nasiam-panovàna

Nolanian'ny Vaomiera tamin'ny endriny tsy nasiam-panintsiana sy tsy nasiam-panovàna ny Volavolan-dalàna laharana faha-001/2020 «**portant ratification de l'Ordonnance n°2019-002 du 15 mai 2019 portant loi organique modifiant et complétant certaines dispositions de la loi organique n°2018-008 du 11 mai 2018 relative au régime général des élections et des référendums, de l'ordonnance n°2019-006 du 28 mai 2019 portant loi organique**

modifiant certaines dispositions de la loi organique n°2015-007 du 03 mars 2015 fixant les règles relatives au fonctionnement du Sénat ainsi qu'aux modalités d'élection et de désignation des Sénateurs de Madagascar, et de l'Ordonnance n°2019-009 du 15 juillet 2019 modifiant et complétant certaines dispositions de la loi modifiée n°99-022 du 19 août 1999 portant Code minier».

Nifarana tamin'ny 10 ora sy 30 minitra, maraina, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Ramatoa Filoha.

Niroso tamin'ny fanitsiana sy fanamarihana mikasika ny tatitra ny mpivory, ka nomena ny Solombavambahoaka avy hatrany ny fitenenana.

Ramatoa RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa

Raha ny marina Ramatoa Filoha, tsy izaho no nanao sonia ny tatitra, fa Andriamatoa Mpampakateny RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitonta.

Tokony hampiana Antenimierampirenena aorian'ny teny hoe: Fitsipika Anaty mifehy ny... Izay ihany no fanamarihana avy amiko, Ramatoa Filoha.

Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore

Fanamarihana mikasika ny pejy farany, eo amin'ny hoe: noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa dia naato 30 minitra ny fivoriana... Mpikambana ao amin'ny vaomiera ny tenako, gaga aho satria tsy nahazo fiantsoana momba ny fivoriana tokony hatao androany maraina. Mila hatsaraina ny fomba fiasa raha ny marina.

Andriamatoa RASOLOMANANA Beby Olivier

Mba ahitsy kely ny anarako ao amin'ny tatitra, pejy voalohany, RASOLOMANANA no izy fa tsy RASOLOFOMANANA. Izay ny fanamarihana avy amiko.

Rehefa izany, nomena ny solotenan'ny Governemanta indray ny fitenenana saingy tsy nanana fanamarihana momba ny tatitra izy ireo.

Taorian'izay, niroso tamin'ny famelabelarana ankapobeny ny mpivory ka nomena ny solotenan'ny Governemanta ny fitenenana.

Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo, Minisitry ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana

Nambarany tamin'izany fa ho fampandrosoana ny firenena no antony nanaovana izao volavolan-dalàna izao, izay efa tsy vaovao amintsika intsony. Efa fanintelony izao no nandinihana azy ity koa rariny raha laniana amin'izay.

Isaorana ny CMP tamin'ny asa nataony mikasika ity volavolan-dalàna ity satria niasa tokoa izy ireo.

Amin'ny ankapobeny, ahitana Hitsivolana miisa 3 ao anatin'izy ity.

Voalohany, manazava mikasika ny fampielezan-kevitra amin'ny fifidianana olona sy ny fitsapan-kevi-bahoaka izay andaniana hevitra ilazana hoe: eny na tsia.

Faharoa, momba ny fomba fiasa sy ny fifidianana ny Loholona eto amintsika. Ho fampiharana ny politikan'ny fitsitsiana no antony nampihenana ny isan'ny Loholona.

Rehefa avy nitondra izay fanazavana fohy izay, Andriamatoa Minisitry dia nomeny an'Andriamatoa Minisitry ny Harena Ankibon'ny Tany sy ny Loharanon-karena Stratejika ny fitenenana hitondrany fanazavana mikasika ny Hitsivolana fahatelo.

Andriamatoa RAVOKATRA Rafidinarivo, Minisitry ny Harena Ankibon'ny Tany sy ny Loharanon-karena Stratejika

Mbola tsy ny fanovàna ny "code minier" tena izy ity voarakitra ato ity, fa ho avy tsy ho ela eto aminareo izany "code minier" vaovao izany.

Natao izy ity mba ho fanenjehana ireo mpitrandraka tsy manara-dalàna misy eto amintsika amin'izao fotoana izao.

Rehefa izany, niroso tamin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory.

Samy nitovizan'ny Solombavambahoaka nandray fitenenana ny handaniana ity volavolan-dalàna mitondra ny laharana faha-001/2020, izay nahitana an'Andriamatoa isany MAMIHAJA Charlot, RAHASIMANANA Paul Bert, ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa, MAMANGY Norbert, VELONTSARA Paul Bert; mba hirosoana amin'ny fampandrosoana ka tokony hiroso avy hatrany amin'ny tsangan-tànana ny mpivory.

Nomena fitenenana ny Lehiben'ny Vondrona Parlemantera TIM sy ny GPR, fa tsy nanankolazaina izy ireo.

Rehefa izany, niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa ahitana andininy miisa 3 ity volavolan-dalàna ity.

Andininy voalohany; lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna tany amin'ny vaomiera.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 109 no nandany, Solombavambahoaka miisa 10 no nitsipaka, tsy nisy ny tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany io andininy voalohany io.

Andininy faharoa; lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna tany amin'ny vaomiera.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 109 no nandany, Solombavambahoaka miisa 10 no nitsipaka, tsy nisy ny tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany io andininy faharoa io.

Andininy fahatelo; lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna tany amin'ny vaomiera.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 109 no nandany, Solombavambahoaka miisa 10 no nitsipaka, tsy nisy ny tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy fahatelo.

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra amin'ny ankapobeny mikasika ny volavolan-dalàna ny mpivory, ka ny andininy faha-96, andalana faharoa ao amin'ny Lalàmpanorenana no nampiharina tamin'izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 109 no nandany, Solombavambahoaka miisa 10 no nitsipaka, tsy nisy ny tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny volavolan-dalàna laharana faha-001/2020 tamin'ny 26 Febroary 2020 "portant ratification de l'Ordonnance n°2019-002 du 15 mai 2019 portant loi organique modifiant et complétant certaines dispositions de la loi organique n°2018-008 du 11 mai 2018 relative au régime général des élections et des référendums, de l'Ordonnance n°2019-006 du 28 mai 2019 portant loi organique modifiant et complétant certaines dispositions de la loi organique n°2015-007 du 03 mars 2015 fixant les règles relatives au fonctionnement du Sénat ainsi qu'aux modalités d'élection et de désignation des Sénateurs de Madagascar et de l'Ordonnance n°2019-009 du 15 juillet 2019 portant loi organique modifiant et complétant certaines dispositions de la loi modifiée n°99-022 du 19 août 1999 portant Code minier».

Rehefa nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana ny solotenan'ny Governemanta dia fisaorana no natolotr'Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo, Minisitry ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana, tamin'ny fahalanian'izao volavolan-dalàna izao.

Mialohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Ramatoa Filoha.

Niato tamin'ny 1 ora sy 20 minitra, atoandro, ny fivoriana, rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.



ASSEMBLEE NATIONALE

RAZANAMAHASOA Christine Harijaona